Eto am-pamaranana, Andriamanitra irery ihany no manana ny fahefana feno hanoro antsika mpanao mari-trano matotra sy mahay ary mahatoky. Koa mangataka vavaka amintsika, isan-andro, mba ho tanteraka araka ny sitrapon'Andriamanitra ity « appel d'offre » ity.

Etsy an-daniny dia mitohy koa ny famoriam-bolantsika ho an'ny asa fanorenana, isam-batan'olona, isan-tokantrano, isam-piangonana, fitandremana, fileovana.... Manolotra fisaorana feno ho an'izay efa nandray anjara sy mbola mazoto hanohy izany.

Mikasa izahay ny hizara ny vaovao amintsika indray amin'ny volana Mey, raha vao tapitra ny fe-potoana fandraisana ny "dossiers" mpanao mari-trano.

Manao veloma finaritra anareo amin'ny anaran'ny Jesosy Kristy Tompo.

Amin'ny anaran'ny Biraon'ny Komitin'ny Toby

Ny Filoha
Dr Randriambololona Jean

Ny Mpitantsoratra
Ramanatsoa Germain